

ALAHADY -FAHA 4 MANDAVANTAONA-A 2023



SAMBATRA NY MAHANTRA FA AZY NY FANJAKAN'NY LANITRA

Ry Kristianina havana, efa voalaza hatramin'ny fanombohan' izao vaninandro mandavantaona izao fa ny fandalinam-pinoana no atolotry ny Eglisy amintsika amin'ny alalan'ireo vakiteny mba hitoetra eo amin'ny fiainantsika tokoa i Jesoa. Hampivahatra ny finoana amin'ny fiainana no ezaka ataontsika amin'izao Sinaody faindrindra ny tapany faharoa atrehintsika izao ka mahatonga antsika hanao asa fikolokoloana, fanajana sy fiarovana ny tontolo iainana mba ho tranobe iombonana ho lovain'ny taranaka fara aman-dimby izay tsy inona fa ity tanintsika ity. Tohizantsika ary hamafisintsika ny ezaka ataontsika ka zary "Kristy Mpiarabelona, miara-dàlana manavao ny fifandraisana isika".

Nanomboka tamin'ny Alahady faha-2 mandavantaona dia nandinika isika ka nametra-panontaniana hoe : "*Iza marina moa i Jesoa eo anivontsika ?* Ary inona no mety vokatr'izay amin'ny fiainana andavanandro? Amin'ny sinaody ?". Amin'izao Alahady

Vakiteny I : *Sôf. 2, 3; 3, 12-13*

Tononkira : *Sal. 145,*

Vakiteny II : *1 Kôr. 1, 26-31*

Evanjely : *Mt. 4, 12-23*

faha-4 izao dia tohizantsika ny famakiana ny evanjelin'i Md Matio izay nanoratra manokana ho an'ny jody. Isika rahateo amin'izao fotoanan'ny fandalinam-pinoana ato amin'ny dioseyz izao dia mametraka ny katesizy ho fototr'izany fandalinam-pinoana izany. Miezaka isika araka ny fehin-kevitra tamin'ny Sinaody tapany voalohany tany Vohemar fa tsy maintsy hamoaka ny katesizy isika mba hanampy antsika handalinana ny finoana satria ny katesizy no ezahina ho fototry ny finoana.

Md Matio izay vakintsika amin'ity taona A ity dia mampianatra ny vahoaka Jody. Nangoniny arakaraky ny lohahevitra ny fampianaran'i Jesoa sy ireo famantarana ary fahagagana nataony mba hanampy izay mamaky azy hino fa i Jesoa tokoa no ilay mesia nandrasan'ny vahoaka Jody. Jesoa tokoa no famonjena

ary Izy miara-dàlana amintsika. Hiezahantsika àry ny handray an'izany fampianarana izany amin'ny alalan'ny fandalinam-pinoana ataontsika amin'izao vaninandro mandavantaona izao.

Ampahatsiahivin'i Md Matio androany ilay fampianarana lehibe nataon'Izy Andriamanitra namolavola ny vahoakany tany amin'ny tendrombohitr'i Sinai. Azo lazaina fa mitovy ny nanorenan'Andriamanitra ny vahoakany tany an-tendrombohitra ka nanomezany ny teny folo izay ataontsika hoe didy folo izay teny mahavelona, toro-làlana ny amin'ny lalan-kombana sy ny toriteny teo an-tendrombohitra nataon'i Jesoa tamin'ny vahoaka. Araky ny fantantsika dia ho fanohizana sy fandavorariana ny Testamenta taloha ny voalaza ao amin'ny Evanjely ka manorina ny fianakaviamben'Andriamanitra, olo araikin'Andriamanitra, Fratelli Tutti hoy ny Papa François. Mila torolalana mazava izany fanorenana fianakaviam-ben'Andriamanitra izany ka izay indrindra no Toriteny eny an-tendrombohitra atolotra mba ho vakintsiaka amin'izao. Atolotra eto ireo "TENY" hahatonga ireo anisan'ireo mandray zary ho zanaka sy fiananakavian'Andriamanitra. Ny tanjona amin'izany dia ny hasambarana.

Amin'izao Alahady fahaefatra mandavantaona izao dia henontsika ny fampianarana mikasika ny hasambarana. Tsara ho fantatra fa tsy araky ny fisainana sy fiheveran'izao tontolo izao sy ny fahendrena apetrak'izao tontolo izao ny hasambarana tiana ambara eto. Matetika tokoa manko raha ny fomba fisainana sy fijery ary fahendren'izao tontolo izao raha ohatra ka fahendrena tokoa, satria ny fahendrena dia izay mitondra amin'ny fahasoavana sy ny mahasoa izany no tena fahendrena marina. Noho izany tsy fahendrena ny an'izao tontolo fa fisainana ary fisainana mitondra any an-kady aza indraindray ary mety matetika aza indrisy. Eto anefa ny fijerin'izao tontolo izao ny hasambarana dia ny fananana an'izao sy izao ka mahatonga ny olona maro hiavona, hieboebo, hipoerapoera fa raha araky ny fampianaran'I Jesoa dia tsy ny fananana no mahatonga ny hasambarana fa ny toe tranao, ny maha-anao anao.

Sambatra ny mahantre am-panahy fa handova ny lanitra izy, hahazo ny hasambarana, dia ireo hasambarana valo azontsika halalinina.

Tsy ny fananana araka ny fihevitr'izao tontolo izany no voalaza eto fa ny toetry ny fo, raha "encombré" ny fo dia tsy hahita hasambarana, raha feno zavatra tsy manjary ny fo dia tsy hahita ny tena fiadanana isika. Araka ny voalazantsika tsy ilay taova no lazaina eto fa ny toetra, ny maha antsika antsika.

Izany no "lakilé" entintsika mamaky an'io hasambarana valo io. Tsy ny fananana no loharano, hahazoantsika ny hasambarana fa ny toetrantsika. Ambaran'i Jesoa àry ireo toetra tsirairay ilaina raha te ho sambatra. Tsipihintsika manokana ho an'ny Sinaody tapany faharoa ny hasambararana tapany faharoa : "*Sambatra ny malemy fanahy fa izy no handova ny tany*"

Maninona no sarobidy ny tany? Sambatra ny mandova azy? Azo lazaina fa tena sarobidy ity tanintsika ity, ny tontolo iainana, ary ao anatin'io tany io no misy ny harena maro isan-karazany. Raha samy ao anatin'ny famokarana ara-dàlana sy araky ny rariny sy ny hitsiny ny fitantanantsika ity tany ity dia tena araka ny fitenintsika hoe "*harena ny harena raha mamokatra ary mamokatra ho an'ny be sy ny maro*". Hitantsika ao amin'ny hasambarana valo io, sambatra ny malemy fanahy fa handova ny tany izy. Tsy mitsahatra isika no mamerina ny hafatry ny Eveka : "*Mahantra Madagaskara satria tsy misy harena*.

Mahantra Madagasikara satria mahantra olona marina”. Henontsika i Jesoa manantitrantitra an’izany androany : *Sambatra izay noana sy mangetaheta fahamarinana fa ho voky izy*”.

Raha marina sy malemy fanahy isika, izany hoe manaja ny tontolo iainana, tsy hanapotika azy fa hikolokolo sy hiaro azy, manavao ny fifandraisana amin’ny hafa, manavao ny fifandraisana amin’Andriamanitra, dia ho lavitra ny fanapotehana. Raha tsy misy fanapotehana dia hamokatra ny harena tena izy isika dia ny fihavanana sy ny fifankatiavana, ka hifanao soa isika samy isika ka handova ny tany tokoa.

Betsaka ny manontany inona ny toeatra tena ilaina afahana miaro ny tontolo iainana? Io lalana mitondra amin’ny hasambarana voalazan’i Jesoa eto io ny toeatra sarobidy : MALEMY FANAHY. Ny olona malemy fanahy dia manaja ary mijoro amin’ny marina.

Araka izany voalaza izany, toeatra tsara asongadina ihany koa fa raha mandinika ny hasambarana isika dia tsara ny manamarika fa ny hasambarana tsy mampitodika na oviana na oviana amin’ny lasa fa mijery mandrakariva ny anio ary indrindra manasa antsika hibanjina ny ho avy feno fanantenana. Izany ny mahatonga azy mifanohitra amin’ny fitiavan-tena izay mampikombona ary manosika hatrany hijery ny lasa mba afahana manangona bebe kokoa hatrany. Vokatr’izany ny herisetra sy ny fanilikilhana.

Araka izay voalaza izay dia miainga amin’izao fiainana izao izay mila havaozina, vokatry ireo torolalana voalazan’i Jesoa ireo izany ny programam-piainana: sambatra ny malemy fanahy, sambatra ny mahantra am-panahy, sambatra ny tia fihavanana, programa apetrak’i Jesoa amintsika ireo.

Mampahatsiaro ny vahoakan’Andriamanitra izay novolavolainy, avy amin’ny fanandevozana tany Ejpta ho an’ny amin’ny tany nampanantenaina. Toy izany koa ny programan’ny fahasambarana valo, avy amin’ny fanandevozan’ny fahotana isika ka mandalo amin’ny Paka, batemy, tonga zanak’Andriamanitra tsilovin’ny Fanahy Masina ka mizotra any amin’ny fiainana mahzanak’Andriamanitra izay mitondra antsika amin’ny fiadanana marina. Izany no antenantsika vokatr’izao Sinaody izao fa indrindra ity tapany faharoa ity : Fianakaviana Eglisy kely miaro ny tontolo iainana. Vokatry ny helemem-panahy panahy dia lavitra ny herisetra. Vokatry ny fahamarinana dia miaro ny rariny sy ny hitsiny. Zary génération mpanorina tokoa. Manorina ilay Tranobe Iombonana izay robaka ankehitriny noho ny herisetra sy lainga.

Izany no tian’i Sôfônia mpaminany hasongadina ao amin’ny Vakiteny voalohany (*Sôf. 2, 3; 3, 12-13*) mitarika antsika hikatsaka ny fahamarinana sy fanetren-tena ary halemem-panahy raha tiantsika ny hahazo izany hasambarana izany.

Io no toe-panahy ampianarin’ny vakiteny amintsika, toe-panahy ao anatin’ny fahamarinana sy fanetren-tena.

Izany no mahatonga antsika fa indrindra amin’ny Sekoly katolika maka ny lohahevitra hoe : “*ny manao ny marina no hendry ary ny fahendrena no manafaka (maha-olona afaka)antsika*”.

Matoa isika mbola mikorontana dia tsy mipetraka tokoa ny fahamarinana sy ny fanetren-tena.

Raha te-hahazo ny hasambarana valo isika dia ny fikatsana ny fahamarinana sy ny fanetren-tena ary ny halemem-panahy no tsy maintsy imasoana. Manana modely isika dia i Masina Maria, Md Josefa i Lucien Botovasoa ary i Victoire Rasoamanarivo.

Izany no mbola ampahatsiahivin'I Md Paoly ao amin'ny Vakiteny faharoa '(1 Kôr. 1, 26-31. Mananatra antsika izy mba ho Andriamanitra mandrakariva no ho reharehantsika, hikatsaka mandrakariva ny voninahitr'Andriamanitra isika, raha izany tokoa no ataontsika dia tanteraka ireo hasambarana valo.

Sambatra ny mahatranam am-panahy fa azy ny fanjakan'ny lanitra
Sambatra ny malemy fanahy fa izy no handova ny tany
Sambatra izay mitomany fa alana alahelo
Sambatra izay noana sy mangetaheta fahamarinana fa ho voky izy
Sambatra ny mamindra fo fa hamindrana fo izy
Sambatra ny madio fo fa hahita an'Andriamanitra izy
Sambatra ny tia fihavanana fa antsoina hoe zanank'andriamanitra izy
Sambatra ny engehina noho ny raryny fa azy ireo ny fanjakan'ny lanitra

Ireo no fahasambarana atolotr'i Jesoa ho antsika, araka ny efa voalaza teo, tsy fananana ireo fa toetra tsy maintsy ananana izay azo lazaina fa "programam-piainana apetrak'i Jesoa amintsika." Torolalana afahana miady amin'ny ratsy sady hitondra antsika amin'ny fiainana hahitantsika ny fivelarana ny mahaolona manontolo sy olon-drehetra. ADY SADY DIA ny fiainana. Ady amin'ny ratsy, dia mitondra amin'ny hasambarana.

Ho antsika EOV Jiaby, aoka "hiezaka isika hanana fahalemem-panahy" afahantsika mivelona izao Sinaody tapany faharoa izao ka hiova ny fifandraisantsika amin'ny zava-boaary. Aoka ho fola-kevitra isika fa ny fahalemem-panahy no afahana manorina lanitra sy tany vao. Io izanyno programa manokana ho antsika amin'ity taona ity. Mila olona malemy fanahy ny diosezintsika sy ny tanànantsika tsiraikiraiky, ny fianakaviana Eglisy kely ka amin'izay isika handova ny tany izany hoe ho lanitra vao ny tanintsika ka hiaina ao anatin'ny fiadanana sy fahasambarana isika.

Ry Jesoa zokinay ô, natoronao anay ny lalàñ-kombana amin'ny tena fiainana, dia ny fiainana mitondra ny hasambarana izay lanao no nivelona azy voalohany ary IANAO NO HASAMBARANA. Enga anie izahay hanahaka anao, hanara-dia Anao, hiezaka mba hanana fanahy nodiovinao ka halemy fanahy amin'ny fifandraisana na amin'ny tontolo iainana na amin'ny fifandraisana eo anivon'ny fiarahanonina na amin'ny fifandraisana amin'Andriamanitra. Ampio àry izahay halahelo amin'ireo toetra mitondra anay amin'ny fahotana, hitomany noho ny fahotanay. Mangetaheta ny fahamarinana izahay ka ampio hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny araka ny nampianarinao anay. Hamindra fo izahay ka hifankatia sy hifanaja ary dia hodiovinao tokoa ny fonay, ka hahita anao mandrakariva amin'ireo manodidina anay. Koa dia hiadam-pinaritra izahay, hampanjaka mandrakariva ny tena fihavanana dia ny fihavanana sady kristianina no malagasy. Amin'izay ho fantatry ny olona fa zanak'Andriamanitra mandova ny Ray izahay ary mandova ny tany.

Mety maro ny sedra eo amin'ny fiainanay, na dia ho enjehina aza izahay dia hifikitra Aminao mandrakariva ka hahazo ny fanjakan'ny lanitra dieny izao. Masina Maria Renin'i Jesoa sady reninay mivavahà ho anay afahanay manitatra ny fanjakan'i Jesoa Zanaka ho feno halemem-panahy tahaka anao, hikatsaka mandrakariva ny fahamarinana ao anatin'ny fanetren-tena tahaka anao Maria ka ny voninahitr'i Jesoa anie no ho hita amin'izay ataonay rehetra. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson